# NY SOKAJIN-TENY: MPAMARI-TOETRA

## TANJONA

- Manatevina ny fahalalana efa azony mikasika ny sokajin-teny

## LESONA HOTADIDINA

**Famaritana**

Ireo teny mamaritra toetran-javatra iray: halavana, hadiry, hatsarana, hamafisana, .... .

Izay teny manoritsoritra toetra no ao anatin'ny sokajin-teny mpamari-toetra.

ohatra: Matanjaka sady bikana Randriatasy.
fotsifotsy fiodirana, lava ranjanana, avoavo feo.

**Fepetra manavaka ny mpamari-toetra**

Ny mpamari-toetra dia teny mahatanteraka ireo toetra manaraka ireto:

- Afaka mitondra ny anjara asa Enti-milaza ao anaty fehezanteny

  ohatra: Madio tsara ny tokotany.
  (Madio = EM, tokotany = L)

- Tsy mety atao Lazaina kosa anefa izy raha tsy ialohavana mpanoritra

  ohatra: ~~Mody voky hendry.~~
  Mody voky ny hendry.
  (Mody voky = EM, ny hendry = L)

- Tsy afaka miaraka amin'ny mpisolo tena tampisaka

  ohatra: ~~Voninkazo tsarako io.~~

  Voninkazoko tsara io.

- Azo atao verindroa

  ohatra: Tsaratsara, fotsifotsy, hendrihendry, lavalava,… ..

**Karazana mpamari-toetra**

- Mpamari-toetra fototeny

  ohatra: Efa akaiky ny tanana.

- Mpamari-toetra mitovona

  ohatra: Tena matanjaka ilay tovolahy. (tanjaka : ma-tanjaka)

  Tsapa ho mangatsiaka ny andro anio.

- Mpamari-toetra motovana

  ohatra: Bikana ery Ikala voloina. (bika: bika-ina) (volo: volo-ina)

**Sahanasa 1**

Indreto misy teny maromaro, avaho amin'ireto izay mpamari-toetra:

Tena, vilana, maso, manitra, mahery, tonga, fahasalamana, saingy, marary, finaritra, mangamanga, vetivety, henjana, simba, maratra, vizana

**Sahanasa 2**

Tadiavo ny mpamari-toetra ao amin'ireto fehezanteny manaraka ireto:

- Nifidy ny tsara izy.
- Ny mpitandro ny filaminana no mikaroka ny marina.
- Atero aty rehefa avy eo ny rovitra.
- Mifantina ihany ianao ka mifantina ny ratsy.

**Sahanasa 3**

Mamorona fehezanteny dimy ahitana mpamari-toetra roa avy isaky ny fehezanteny amin'ny endriny isan-karazany.

.......................................................................................................................

.......................................................................................................................

.......................................................................................................................

.......................................................................................................................

.......................................................................................................................